



VONDRONA EUROPEANA
IRAKA MPANARA-MASO NY FIFIDIANANA
MADAGASIKARA 2013



FAMPITAM-BAOVAO

DIKATENY MALAGASY

Fanirahana ny mpanara-maso ny fifidianana miasa maharitra miisa 42 avy amin'ny Iraka mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana (MOE UE)

Antananarivo, faha-28 Novambra 2013 – Naniraka indray ny mpanara-maso ny fifidianana miasa maharitra miisa 42 mba hihazo ny Faritra niandraiketany avy ho fiatrehana ny fifidianana Filohampirenena sy solombavambahoaka ny 20 Desambra izao ny Iraka mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana (MOE UE). Taorian'ny fitsaharana nataony tany amin'ny firenena fiaviany avy, dia nigadona indray teto Antananarivo ny 25 sy 26 Novambra ireo mpanara-maso ireo. Rehefa izany, dia nofanin'ny ekipa mpiandraikitra ao amin'ny MOE UE nandritra ny iray andro izy ireo.

« Ho hita eny an-kianja manomboka anio ny mpanara-maso miasa maharitra avy amin'ny Iraky ny Vondrona Eoropeana. Manantena izahay fa hanamafy ny fahatokisan'ny olom-pirenena malagasy ny fizotry ny fifidianana ny asan'izy ireo », hoy Maria Muñiz de Urquiza, lehiben'ny Iraka MOE UE. « Zava-dehibe ho fanamafisana ny finiavan'ny mpifidy hiala amin'ny krizy izay efa nasehony tamin'ny fifidianana Filohampirenena fihodinana voalohany ny fahatomombanan'ny latsabaton'ny 20 Desambra », hoy hatrany ity tompon'andraikitra ity.

Rehefa any amin'ny Faritra, dia hanaraka akaiky ny fizotry ny fampielezan-kevitra, ny fanomanana ara-pitaovana ny fifidianana, ny fanofanana ireo mpikirakira ny fifidianana, ny asa fanentanana ary ny zavatra ataon'ny antoko politika ireo mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Iraka mpanara-maso ny fifidianana avy amin'ny Vondrona Eoropeana ireo. Hanatevin-daharana azy ireo herinandro mialoha ny fifidianana ny mpanara-maso 50 hafa avy amin'ny MOE UE ihany. Efa teto Madagasikara izy ireo tamin'ny fihodinana voalohany saingy niverina tany amin'ny firenena fiaviany taorian'izay.

Tonga teto Madagasikara nanomboka ny 25 Septambra ny MOE UE rehefa nasain'ny Governemantan'ny marimaritra iraisana. Manara-maso amin'ny fo tsy miangatra ny fizotry ny fifidianana manontolo ny Iraka. Nampahafantarina i Maria Muñiz de Urquiza ny 27 Oktobra lasa teo ny tatitra savaranonando voalohany mikasika ny fihodinana voalohany tamin'ny fifidianana Filohampirenena. Hampahafantarina 48 ora aorian'ny fifidianana Filohampirenena fihodinana faharoa sy solombavambahoaka ny 20 Desambra izao ny tatitra savaranonando faharoa. Hampahafantarina ny besinimaro iray na roa volana aorian'ny fivoahan'ny vokatra tena izy ny tatitra raikitra.

Fifandraisana MOE UE Madagascar 2013 :

Peggy CORLIN – Mpiandraikitra ny Fifandraisana – Finday : (+261) 033 46 662 56/(+261) (+261) 034 47 026 01 – Mailaka : peggy.corlin@moeue-madagascar.eu ; Volana RAZAFIMANANTSOA : Mpanampy ny Mpiandraikitra ny Fifandraisana – Finday : (+261) 034 67 840 70 – Mailaka : Volana.RAZAFIMANANTSOA@moeue-madagascar.eu; Rivonala RAZAFISON : Mpanampy ny Mpiandraikitra ny Fifandraisana – Finday : (+261) 033 24 639 83/(+261) 034 09 661 39 – Mailaka : Rivonala.RAZAFISON@moeue-madagascar.eu